



GAZETY Tantely

"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)

Laharana faha-81 / 17 Febroary 2019/ 1.000Ar

2019: TAOM-PANAVAOZANA



**« Fa efa miseho ny fahasoa van'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra »
(Tit. 2 : 11a)**

Ny fahasoavana no mahatonga ny Fiagonana tia ny fiarahamonina iasany, tia ny mpanota fa tsy ny hitsara azy, ny hampahatsiaro azy fa ao amin'i Jesoa Kristy ireny ihany no tena fanadiovana marina sy ny fainam-pifaliana tena izy sady maharitra. Koa tsy mahazo kivy ny Fiagonana fa miorina tsara amin'ny fahasoavana.

>2

EDITORIAL
"Toeram-Boninahitra sa
toeram-Panompoana"

ANDRIAMAROSOA Manoa,
Mpitandrina > 3

SAMPANA >4
TSARA HO
FANTATRA >4

KATEKOMENA
Andia MAHERY >5

VAHINY >6

GALILIA:
NY MPITANDRINA
Rev. Dr Jean A.
RAVALITERA mivady >7

SARISARY
SAMIHAFA >8

« Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » (Tit. 2 : 11a)

Hafatra nampitondrain'i Paoly an'i Titosy zanany ara-panahy sady misionera na mpitory ny Filazantsara tany Kreta ity tapaka andin-tSoratra Masina ity. Teny tsy afaka am-bavan'i Paoly ary miverimberina saika isaky ny Epistily nosoratany ny mikasika ny fahasoavan'Andriamanitra. Eto dia tsy diso anjara amin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany ny mponina na ny Fiagonana tany Kreta. Mbola tanora dia tanora i Titosy no nirahin'i Paoly hitory ny Filazantsara tany Kreta izay fiarahamonina malaza masiaka, kamo, tia filàn'ny nofo sy fahafinaretana. Hoy ny and. 12 amin'ny toko 1 : « mpandainga mandrakariva ny Kretana, biby ratsy, kamo be tenda ». Tsinjon'ny Apostoly Paoly fa tsy mora ny nampanirahana an'i Titosy hiasa sy hijoro vavolombelona amin'izany fiarahamonina hafaha-fa izany, ary izay no nampaherezany azy mafy tamin'ity taratasy ity. Fa inona loatra re no nahatonga an'i Paoly nanao hoe : « Efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » raha naniraka an'i Titosy izy ?

Ny Filazantsara dia fampahafantarana ny fahasoavan'Andriamanitra.

Araka ny voalaza ery ambony dia ratsy fitondran-tena ny ankamaroan'ny mponina tao Kreta. Ary tsy vitan'izany fa feno fanamarinan-tena. Eo am-pahitana izany i Titosy dia mety ho azon'ny fakampanahy hitsara na hihemotra mihitsy aza amin'ny asa nanirahana azy. Mety ho azon'ny fakampanahy hieritreritra tahaka an'i Jonah mpaminany fa tsy mendrika handray ny Filazantsara ny olona tahaka izany. Notaomin'i Paoly anefa i Titosy hijery ny Kretana amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra. ity solomason'ny fahasoavan'Andriamanitra ity no tiany ho eny amin'ny mason'i Titosy ka hahitany fa ny famonjen'Andriamanitra dia tsy miankina amin'ny olombelona fa miankina amin'Andriamanitra irery ihany. Ary ny fotoana andraisan'ny olona izany famonjen'Andriamanitra izany dia tsy mbola miankina amin'ny olona ihany koa fa mbola miankina amin'Andriamanitra. Samy fiasam-pahasoavana, na ny fitoriana ny Filazantsara, na ny fandraisana ny Filazantsara. Antitranterin'ny Apostoly Paoly ny maha Mpamony an'i Jesoa (toko. 2 : 13). Saingy ny mampiavaka manokana ny Filazantsara asain'i Paoly torian'i Titosy momba an'i Jesoa Mpamony dia Izy mpanadio. Nosy i Kresta, mahafantatra ny lanjan'ny rano ho fanadiovana. Mahafantatra rahateo ihany koa ny loto sy ny yokany. Hany ka manan-toerana tao amin'ny sivilizasiona kretana ny toe-tsaina maloto sy madio. Tsy ny maloto sy ny madio yokatry ny tsy fisasana ihany no fanttry ny Kretana, fa ny fahalotoana sy ny fahadiovana ara-panahy. Sarihan'i Paoly aza ny sain'i Titosy hijery ny Kretana sy hitaona azy hahatsiaro fa i Jesoa no tena Mpanadio, ary ao aminy irery no ahitana fanadiovana. Koa raha miteny hoe famonjena ny Apostoly Paoly dia midika ny nanadiovan'i Jesoa ny fahotan'ny olona tamin'ny rany. Hoy àry i Paoly : « **Fa efa niseho ny fahasoavan'Andriamanitra** ». Ny hevitr'izany dia efa tonga ny fotoana nom-anin'Andriamanitra ka nanekeny hanadio maimaim-poana izay rehetra mino an'i Jesoa. Tsy ny halehiben'ny fahotana tsy akory no zava-dehibe fa ny fibebahana sy ny fanekeha hodiovin'ny Tompo. Ampy hahasasa sy hanadio ny fahotan'ny olona rehetra ny ran'i Kristy raha manaiky handray azy izy. Koa ny hoe mitory ny Filazantsara dia tsy inona tsy akory fa fampahafantarana ny famonjen'Andriamanitra tamin'ny nanirahany ny Zanany hanadio antsika.

Ny fahasoavan'Andriamanitra dia natao ho an'ny olona rehetra

Ny fiarahamonina tamin'ny andron'ny Antikite dia fiarahamonina antanan-tohatra. Ary tsy vitan'ny hoe antanan-tohatra fa misy ambony, misy ambany, misy maloto, misy madio, sns... Fakampanahy mpahazo ny olombelona ny mifampijery amin'ny alalan'ny anjara toeran'ny tsirairay ao amin'ny fiarahamonina. Asongadin'ny Apostoly Paoly ho ao an-tsain'i Timoty ny tsy hiheverany ny Kretana ho tsy mendrika handray ny Filazantsara ary dia tsindriany fa ho an'ny olona rehetra ny fahasoavan'Andriamanitra. zava-baovao tamin'ny fotoan'androny izany hoe Andriamanitra mampitovy ny olona rehetra. Ny mahazatra ny Kretana dia ny olona no manatona an'Andriamanitra, fa eto kosa ny Filazantsara asain'i Paoly hotorian'i Timoty dia Andriamanitra efa nanatona ny olona tamin'ny alalan'i Jesoa ka nandrava ny efitra nampis-araka ny olona Aminy. Samy manana anjara amin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany avokoa ny sokajin'olona rehetra. Hoy i Paoly tamin'i Titosy : « Toy ny vehivavy, ny lehilahy, ny mpanompo, ny loholona, ny olona rehetra, hitantsika ao amin'ny toko. 2. **Tsy manavaka na izy na izy Andriamanitra** satria ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra dia efa nampiditra ny olona rehetra izay mino an'i Jesoa ho Zanany. Amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra no ahatsapan'ny olona fa harena sy fifamenoana ny fahasamihafana ary fifamenoana. Ny fahotana no mampiasa ny fahasamihafana ho fifanoherana sy fifaninana ka miteraka fifandirana ; fa ny fahasoavana kosa dia mampifanatona ny mpino ho tena iray ihany ao anatin'ny fanajana ny samy maha izy azy ny tsirairay. Tsy mora ny fitoriana ny Filazantsara tamin'ny mponina tao Kreto ary izay no nanafaran'i Paoly an'i Timoty handeha amin'ny fahasoavana amin'ny fijoroana vavolombelona. Izay mijro vavolombelona rehetra mantsy dia tokony hahatsiaro fa fahasoavana izany fa tsy zioga tsy akory.

FEHINY

Raha mijery ny vanim-potoana iainana ankehitriny isika, indrindra raha mijery ny fiainam-piarahamonina dia hita fa tena mbola toa an'i Titosy any Kreta ny Fiagonana : misedra fiarahamonina masiaka, tsy tia anatra, manamarin-tena, tia rendrarendra. Manoloana izany ny fitaovana tian'ny Tompo ho eny am-pelantanany'ny Fiagonana anefa dia ny fahasoavana. Taomin'ny Tompo ny Fiagonana hijery ny fiarahamonina amin'ny fahasoavana, ka ny antom-pisiany sahady ao amin'ny fiarahamonina dia efa fahasoavana. Ny fahasoavana no mahatonga ny Fiagonana tia ny fiarahamonina iasany, tia ny mpanota fa tsy ny hitsara azy, ny hampahatsiaro azy fa ao amin'i Jesoa Kristy irery ihany no tena fanadiovana marina sy ny fiainam-pifaliana tena izy sady maharitra. Koa tsy mahazo kivy ny Fiagonana fa miorina tsara amin'ny fahasoavana.

Ny Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy

TOERAM-BONINAHITRA SA TOERAM-PANOMPOANA?

Ny maha tompon'andraikitra ato anatin'ny Fiagonana no tiana hametrahana fanontaniana. Fandre matetika eny amin'ny resaka ifanaovantsika eny ny hoe: "toeram-panompoana io fa tsy toeram-boninahitra" rehefa mire-saka momba ny maha diakona, ny maha biraon-tsampana na ny maha mpiandry sns. Azo neverina ny hoe sady toeram-boninahitra izy io no toeram-panompoana. Toeram-boninahitra satria ny olona efa nasandratr'Andriamanitra hiala tamin'ny fahotana ka nodioviny tamin'ny ràni Jesoa Kristy ary nohamasininy tamin'ny Fanahy Masina no antsoiny ho amin'ny fanompoana Azy eny amin'ireny sehatra samihafa ireny. Izany hoe, azo lazaina ho Izy Andriamanitra no manondro-boninahitra ny olona ho amin'ny fanompoana. Kanefa satria fanompoana no resaka dia tena toeram-panompoana koa izy izany. Ny ao ambadiky ny hoe: "toeram-panompoana" mantsy dia hoe mitaky fanetren-tena sy fahavononana hiasa ilay toerana maha tompon'andraikitra, fa tsy anarana iavahana amin'ny hafa fotsiny. Any amin'ny tontolo ambanivohitra toy ny Fitandremana Ambohiborona, ohatra, dia tsy mitovy loatra amin'ny aty an-tanàndehibe ny fandraisan'ny olona izany maha diakona izany. Noho ny havitsian'ny olona afaka manao dia kona, satria betsaka ny olona no tsy nandia fianarana, dia voatery nanatona olona manokana tany an-tokantrano ny mpitandrina nitaona sy nanentana izay olona noheverina hoe afaka manao diakona tany aloha. Toa nalaim-panahy hanaiky tsy sazoka ihany ny olona, araka izany, noho ny hena-maso, ohatra, na koa hoe nihevitra azy ho olona manana ny maha izy azy satria noresen-dahatra tany an-tokantrano mihitsy, hany ka rehefa misy olana ao amin'ny Fiagonana dia tsy nahatsiaro ny tenany ho tompon'andraikitra, na tsy nanana fandavan-tena hamaha olana ny ankamaroan'ny diakona. Nezahina novaina izany tato aorianka ny fanoloran-tena no nampianarina ny olona sy nanentanana azy. Nambara tamin'ny Kristiana ary fa ny fanoloran-tena dia endriky ny fanetren-tena satria rehefa manolo-tena ny olona dia tsy miandry ny hafa hiangavy sy hanambitamby azy izy izay. Fantany fotsiny fa antsoin'ny Tompo hanao io fanompoana io izy dia manaiky sy miroso ary sahy avy hatrany. Mety hoy ny sasany hoe noho ny henatra no mahatonga ny olona tsy hanolo-tena fa miandry ny hafa hanolotra azy. Raha neverina maimaika mantsy dia toy ny hoe misora-tena ny olona manolo-tena ary ny olona atolotra no toa manetry tena. Fanetren-tena haitraitra ihany, anefa, izany henatra izany satria ny fanoloran-tenan'ny olona dia ataony ho an'Andriamanitra Ilay miantso azy, fa tsy ataony amin'ny olombelona izay mety mitazana. Tsara indrindra fa efa maro ny olona no manolo-tena ho amin'ny fanompoana aty an-tanàndehibe fa tsy miandry loatra ny hotaomina sy resen-dahatra na iangaviana. Mampisaotra ny Tompo izany, satria izany indrindra no fijoroana ho vavolombelona tsy amin-kenatra, araka ny teny fanevantsika hoe: "Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika" II Tim 1,8a. Koa raha mahatsiaro ny antson'ny Tompo ianao, na ho diakona, na ho biraon-tsampana, na ho amin'ny seha-panompoana hafa, ny tsara indrindra dia ny manolo-tena. Alao hery ary, manolora tena! Ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra.

SEKOLY ALAHADY: FEO TANTELY

« Hihira ho an'i Jehovah aho raha mbola velona koa ; Hankalaza an' Andriamanitra aho raha mbola miaina »

Salamo 104 :33

Misaotra an'Andriamanitra fa tanteraka ny soa amantsara ny famaranana ny fankalazana an'ANDRIAMANTRA noho ny faha-folo taonan'ny Feo Tantely ny 24 desambra 2018 lasa teo. Ny Feo tantely izay taninketsan'ny Fiagonana amin'ny fanabeazana ireo ankizy sy tanora eo amin'ny sehatry ny hira sy mozika. Nanakoako araka izany ny fiderana an'Andriamanitra. Samy nanolotra ny talentany ny Feo tantely sy ireo namana zanaky ny Fiagonana Hita tamin'izany ireo nitendry clavier, accordéon, violon, flûte, guitare, saxophone, battérie. Finaritra niara-naneho ny kanto. Mitombo hatrany ny fahaizan'ny Feo Tantely mitsoka solfa ka manamora ny fianarana sy famoahana hira amin'ny gadona isan-karazany. Ny mpikambana ao amin'ny Feo Tantely ihany no namorona ny hira fanevan'ny faha-10 taonany tonony sy feony. Efa misy ireo afaka mitendry manaraka ny hiran'izy ireo noho ny fianarana solfa .Miantso ny ankizy, tanora , zatovo izay te hanatevina ny Feo Tantely. Ny fianaran-kira dia isaky ny asabotsy tolakandro manomboka amin'ny 2 ora-4 ora aty am-piagonana. Ny hetsika manaraka ho tanerahina dia ny zoma masina faha 18 aprily 2019 izay handraisany Feo Tantely anjara hira miavaka. Eto am-pamaranana dia misaotra ny fanohanany Fiagonana sy ny Sampana Sekoly Alahady ny Feo Tantely.

Dr RANDRANOELINA Nivo, Diakona




TSARA HO FANTATRA

A M P A M A R I N A N A

Hantsana avokoa ny mandrafitra ny tampon-tanan'Antananarivo, hatreny Imarivolanitra no avaratra ary , Ambaravarambato no atsimo. Manda vitana-Nahary izy io ary sarotra ho an'ny fahavalohio hianika eo satria feno lobolobio sy tsilon-driketra, afa-tsyl sy teo afovoany ambony, izay nomena anarana hoe Tsimihatsaka. Teo no natao famarinana ny olon-dratsy, ka nahazo anarana fanindroa hoe Ampamarinana. Nakodia avy eny an-tampony ny olo-meloka, ary niantefa tamin'ireo vato teny amin'ny farany ambany. Ny nampalaza an'i Tsimihatsaka dia ny namarinana ireo Maritiora 14 mianaka tamin ny 29 martsa 1849. Rehefa niambaho ny Mpanjaka Ranavalona Voalohany , ka i Radama faharoa no nandimby azy (15 Aout 1861), dia namela malalaka ny olon-drehetra hivavaka araka izay safidim-pony avy. Fotoana fohy taorian'izay dia nirahin'ny L.M.S handamina ny fanohizana ny asa nikeluzan'ny misionerany aina i Rev W Ellis, ka ny masaka tao andohany dia ny hametraka zavatra mateza ho fahatsiarovana ny fandavan-tena sy fahafoziana aina ny Maritiora Malagasy. Nynofidiany tamin'izany dia ireto toerana 4 ireto : Ambatonakanga (nisy ny tranomaizina nihazonana ny Maritiora), Ambohipotsy (nandefonana sy nanapahan-doha ny maritiora), Faravohitra (Nandorana velona ny 4 mianadahy), ary Ampamarinana

(Nanakodiavana ny 14 mianadahy). Tamin'ny 28 sy 29 martsa 1874, dia 25 taona katroka taorian' ny namarinana ny Maritiora tao Tsimihatsaka no nitokanana ny tranovato fahatsiarovana eo Ambonin'Ampamarinana. J Andrianivoravelona no mpitandrina voalohany tao. (1864-1897)

Aina RAJOHARISON



FANDRAISANA KATEKOMENA TAONA 2019

Toy ny fanao isan-taona dia mizara roa Alahady ny fandraisana ireo nanolo-tena hiray latabatra amin'ny Tompo. Andia MAHERY no anarana hisaloran'ireto Katekomena vaovao ireto. 35 mianadahy izy ireo ka toy izao manaraka izao ny fitsinjarana ny andro handraisana azy ireo avy:

KATEKOMENA RAISINA NY ALAHADY 10 FEBROARY 2019 (Miisa 19)

Vehivavy:

- | | |
|-----------|--|
| N° | ANARANA |
| 01 | ANDRIAMPANARIVO Mendrika Valisoa |
| 02 | RABESON ANDRIANJAFINTRIMO Nirinasoa |
| 03 | RAJOHARISON Jenna Mendrika |
| 04 | RAJONSON Malalasoa |
| 05 | RAKOTOMALALA SOANAVALONA Holy Tiana |
| 06 | RANADISON Harinandrianina Kanto |
| 07 | RAZAFIARISOA Fandaharana Tahiana |

Lehilahy:

- | | |
|-----------|---|
| 01 | ANDRIAMAZAORO Ny Aina Alinjaka |
| 02 | ANDRIAMILY Avotra Sandro |
| 03 | ANDRIAMISEZA Rado Mahery |
| 04 | ANDRIAMITANTSOA Fetra Harinarivo |
| 05 | Ny ANDRIANINA Tantely Ulrich |
| 06 | RAKOTO ANDRIAMIHASOA Harena Toavina Mandresy |
| 07 | RAKOTONOELY ANDRIAMANJAKA Manoa |
| 08 | RANDRIANANDRASANA Sedera Laza Fanomezantsoa |
| 09 | RANDRIANOELINA Rasoanaivo Manankasintsoa |
| 10 | RAZAFINDRAJERY ANDRIANJAFINTRIMO Jimmy Andy |
| 11 | RAZAFINDRAJERY RASAHENOLAHY John Oël Mario |
| 12 | RAZAFINDRALAMBO Andry Christian |

KATEKOMENA RAISINA NY ALAHADY 17 FEBROARY 2019 (Miisa 16)

Vehivavy:

- | | |
|-----------|---|
| 01 | ANDRIAMPENOMANANA Tsiky |
| 02 | ANDRIANASOLO Harry Joannah |
| 03 | ANDRIANOMENJAHARY Fitiovana |
| 04 | RAKOTOARINIA Vero Mihaingo Ny Harena |
| 05 | RAMINOSOA ANDRIANAMBININTSOA Njara |
| 06 | RAMINOARISOA Ravaka Finaritra |
| 07 | RANDRIAMAMONJY Ravaka Ny Aina |
| 08 | RANDRIAMAMONJY Sariaka Nambinintsoa |
| 09 | RASOARILALAO Fanomezantsoa Mariah |
| 10 | RATIARISON Haingo Riantsoa |
| 11 | RATIARISON Manohisoa Andrianirina |
| 12 | SEDIHARIMAMY Diariniaina Anjarasoa |

Lehilahy:

- | | |
|-----------|---|
| 01 | ANDRIANASOLO Larry Johanno |
| 02 | RAJONSON Fenosoa Hasimboahangy Mamitiana |
| 03 | RAKOTOVAO ANDRIANANTEAINA Jean Luc |
| 04 | VONONKANDRESY Davida Voatendry |

Izahay eto amin'ny Gazety Tantely dia maniry anareo mba hahery tokoa amin'ny fanompoana ny Tompo Jesoa.

ANDIA MAHERY

« *Mahery ianareo, ary mitoetra ao anatinareo ny tenin'Andriamanitra » I Jaona 2,14*

Izany tenin'ny Soratra Masina izay nosafidianareo ry andia Mahery no entinay Gazety Tantely hiarabana anareo. Amin'izao dingana lehibe ao amin'ny fainana ara-panahinareo izao, mirary anareo hitombo sy haharitra amin'izao fahasoavana noraisinareo izao.

Ny Tompo anie hitahiry ny finoanareo tsy ho levona ka hiahery hatrany ianareo.

Ankehitriny, efa miray latabatra ao amin'ny Tompo ianareo, inona ary no vinavina na eritreritra hanohizanareo sy handraisanareo andraikitra ao amin'ny asa fanompoana mba hitahirizanareo izany finoanareo izany ?



Kanto Harinandrianina RANADISON, 19 taona

« Ny vavaka ataoko isan'andro dia inoako fa itaoman'ny Fanahy Masina ahy anao zavatra eo amin'ny sehatry ny Fiagonana toy ny hanoizako ny zavatra vitako teo amin'ny sampana nisy ahy, ny fanatre-hako ny fivorian'ny zana-paritra sy ny fandraisana anjara eo anivon'izany tahaka ny fotoam-bavaka, famangiana, fanadiovam-piagonana, ... Mamonjy ny akatoka, manefa ny adidin'ny mpandray ary manatanteraka ny fanekeha izay nataoko mba hahery tahaka ny isalorako ny anarana andia Mahery. »



Harry Joannah ANDRIANASOLO, 21 taona

« Amin'izao firaiana latabatra amin'ny Tompo izao, ny vinavinako dia ny hiditra sampana mba hanohizana ny asa fanompoana. Anisan'ny sampananofodiko ny SAMPATI sy Feo Tantely. SAMPATI satria ny tenako efa Scout hatrizay ary Feo Tantely satria mahafinaritra ahy koa ny midera ny Tompo amin'ny alalan'ny hira. Tsy atao ambanijavatra ihany koa anefa ny vavaka sy famakiana Soratra Masina mba hitahirizana ny finoana. »



Fenosoa hasimboahangy Mamitiana.R, 18 taona

« Nandritra izay herintaona nianaranana izay dia tsapa tokoa fa nihamafy ny finoanay an'Andriamanitra satria ireo fampianaranana na ireo anatra sy teny masina nianaranay dia manamafy hatrany ny finoanay an'Andriamanitra. Koa vita ary ny fianaranay ka miray latabatra amin'ny Tompo izahay. Ny fianaranay no vita fa ny asa fanompoana hitohy hatrany. Ny tenako moa dia efa ao amin'ny sampana Tily ao Ambohitantely kanefa tsy hijanona eo aho fa mbola hanohy ny asa amin'ny alalan'ny fampianaranana ny Sekoly Alahady mba hahafahako mampita sy mizara ny tenin'Andriamanitra amin'ireo zandry andalam-pianaranana. Koa, manentana ireo mpanompon'Andriamanitra maniry hiditra sampana na hiofana ho mpandray ny fanasan'ny Tompo tsy hiemotra fa hiroso hatrany ka mijoro ho vavolombelon'ny Tompo. »



John Oël Mario Rasahenolahy RAZAFINDRAJERY, 19 taona

« Tafiditra ho isan'ireo mpandray eto amin'ny fitandremana FJKM Ambohitantely izahay andia Mahery ankehitriny. Ny fianaranana noratovinay nandritra ny herintaona dia nanampy anay tokoa hiroso bebe kokoa amin'ny fampadrosoana ny fainan'ny Fiagonana. Efa hatriny ny kely aho no nandray anjara tamin'izany anefa tamin'ny alalan'ny fidirako ho isan'ny mpikambana ao amin'ny SAMPATI sy STK. Ankehitriny mbola manavao ny fanoloran-tenako aho amin'ny firotsahako bebe kokoa amin'ny hetsika rehetra karakarain'ireo sampana efa misy ny tenako ireo. »



Rado Mahery ANDRIAMISEZA, 19 taona

« Nihomana ny hiray latabatra amin'ny Tompo nandritra ny herintaona izahay katekomena andia Mahery. Anisan'ny anatra noraisiko nandritra izay fotoam-pianaranana izay dia ny firosahanay misimisy kokoa amin'ny fainan'ny Fiagonana. Mba hanohizana sy handraisanana andraikitra amin'ny asa fanompoana, ny laharam-pahamehana amiko dia ny hazoto hivavaka sy hamaky ny tenin'ny Soratra Masina. Izany ihany koa mantsy no anisan'ny fanekeha nataoko nadritra ny fotoana nadraisanana ahy ho mpandray ny fanasan'ny Tompo eto amin'ny fitandremana. Ankoatra izay, efa hatriny ny fahazazako no nandala ny tenin'ny Soratra Masina aho tamin'ny alalan'ny fidirako ho isan'ny mpi-anatra Sekoly Alahady. Noho izany, saiko ny milaza fa mitoetra ato anatiko tokoa ny tenin'Andriamanitra ary mbola mahafinaritra sy mahaliana ahy mandrakariva ny manavao ny fahalalako izany. »

Nangonin'i Malalasoa RAJONSON

FANAOVAM-BELOMA SY FANKASITRAHANA NY MPITANDRINA Rev. Dr Jean A. RAVALITERA mivady



Tsaroantsika teto Ambohitantely tsara fa tamin'ny taona 2017 dia nankalaza an'Andriamanitra noho ny 40 taona naha-mpitandrina sy 40 taona ny fanambadian'izy mivady ny Rev . Dr Jean ANDRIAMAROHASINA RAVALITERA (fantatra kokoa amin'ny anaram-bosotra fiantsoana azy hoe Pasteur Fety) sy Lydia RASOAVOLOLOMAHEFA vadiny. Indroa miantoana ny fankalazana,dia izay natao taty Frantsa niaraka tamin'ny FPMA iray manontolo sy ny Fiaraha-mivavaka FPMA EVRY izay nentin'i Pasteure Lydia RAVALITERA, ary ny taty an-tanindrazana natao teto Ambohitantely. Vaotafaverinakelyavytaty an-tanindrazanadianarary mafy Pasteur Fety, notsaboinanandrity telovolana tany amin'ny Hopitaly. Misaotra an'Andriamanitra fa efa sitrana soa aman-tsara. Tsaroana ny video nampiseho an'i Pasteur mbola teo am-pandriana tany amin'ny Hopitaly, nandefahafatra nalefananndritrany fivoran'ny Zana-paritra Galilia. Nisy fotoana fankalazana ny Jobily niaraka tamin'izy mivady nokasain'ny Zana-paritra Galilia, kinanjo tsy tanteraka. Tamin'ny Synoda Lehibe faha 37 nataon'ny FPMA tany Bordeaux tamin'ny volana Novambra 2018 dia nanapa-kevitrany handeha hisotro ronono fatsy hanohy intsony ny andraikitra mah-Filohan'ny FPMA sy ny FFKM France azy Pasteur Fety. Samy nana-pa-kevitra ny FFKM France sy ny FPMA fa hanokana fotoana ho fankasitrahana azy sy ho fanaovam-beloma. Ny zana-paritra Galilia dia nanokana ny fotoana fiaraha-mivavaka sy fifampiarahabana noho ny taona vaovao 2019 natao tao Bourg-la-Reine mba ho solon'ny fotoana nokasaina fa tsy vita, ka ho fanehoam-panksitrahana sy fanaovam-beloma azy mivady. Nofaranana tamin'ny fiaraha-misakafo sy fikoranana taorian'ny fanompoam-pivavahana natao tamin'izany (jereo Gazety TANTELY, Febroary 2019). Ny FFKM dia nanokana ny Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana natao tamin'ny 22 january 2019 noho ny Herinandro Fiaraha-mivavaka eran-any ho amin'ny Firaisana mba hanaovana ny fankasitrahana sy Fanaovam-beloma azy mivady. Ny FPMA dia nanokana ny Sabotsy 2 Febroary mba hanehoam-panksitrahana sy ho fanaovam-beloma. Ny Birao Foibe FPMA no nitarika ny fotoana, ary ny Filohan'ny Fédération Protestante de France (FPF), Pasteur François CLAVAIROLY no nitoriteny.

Nanomboka Novambra 2004 no nitondran'i Pasteur Jean A. RAVALITERA ny FPMA, ary nifarana tanteraka io Sabotsy 2 febroary 2019. Tsy mora ny nitondra ny FPMA izay vao nanomboka naheleo tena ary tsy mbola voataiza nandray andraikitra sy namelona Mpitandrina. Maro ny mpiangona tsy nahalala akory ny atao hoe Fiagonana fa nampifangaro izany tamin'ny Fikambanana samihafa. Misaotra an'Andriamanitra fa nampahatsiahivina ny fitsanganan'ny Tafo maromaro nandritra ny fotoana nitondrany, ny fananganana sy fanomezana aina Sampana iraisana maro (Sampana Vehivavy Kristiana (SVK), Sampana Sekoly Alahady (SSAST), Sampana Tanora Kristiana (STK), Sampana Zava-maneno (SZM), Sampana Lehilahy Kristiana (SLK), Sampana Tily(ST), Sampana Fifohazana (SAFIF) ; Sampana Antoko Mpihira (AMF). Nandray anjara niara-nihira tamin'ny Mpitandrina Jean A. RAVALITERA sy ny fianakaviany ny Zana-Paritra Galillia.



ANDIA MAHERY Voalohany



Mpamboly hazo ihany koa



*Fanaovam-beloma sy Fankasitrahana
Pasteur Ravalitera Mivady*



Pasteur Ravalitera Mivady



Feo Tantely IO taona



Fandroson'ny asa any Malaimbandy indray